# 20 NY SOKAJIN-TENY : MPAMPIFANDRAY

## LOHAHEVITRA

- Mahafantatra ny karazana mpampifandray teny na fehezanteny ary mahay ny lanjany sy ny ampiasana azy ao anaty fehezanteny.

## LESONA HO TADIDINA

**Lahatsoratra:**

Mpisakaiza tsy roa aman-tany hono ny saka sy ny voalavo fahizay.
Indray andro lasa nandranto ireto mpifankatia. Indreny izy roalahy nisosa teny ambony rano, ka atopatopan'ny onja, ary miraidraika atsy sy aroa. Nony efa nisasaka ny renirano, indro fa nanomboka ny vazivazy ratsiny Ravoalavo.Tsy ankijanona izy nihomehy ihany.
- Aoka itsinao, Ravoalavo, fa reko tamin'ny tompon-tany anie fa rano masina, hono, ity Mangoro ity, ka tsy azo itenitenenana foana raha mita eto! Indraindray, hono, izy ity mampitranga omby, kisoa sy biby hafa koa. Tsy ren-dRavoalavo akory izany resaka izany fa variana nihomehy izy.
Hoy i Nenibe mpitantara ity angano ity: "Ta hatory aho, ka dia anjaranareo ny mieritreritra; sady rahampitso antoandro aho tsy hanao intsony, fa mahajamba,hono, ny angano antoandro".

J. PH. Rombaka

**1- Famaritana**

Ny atao hoe "mpampifandray" dia teny kely mampifandray teny na andian-teny na fehezanteny. Ny mpampifandray dia tsy matoanteny ary tsy azo atao EM na L

ohatra:

→ Mpisakaiza tsy roa aman-tany hono ny saka sy ny voalavo

→ Indreny izy roalahy nisosa teny ambony rano, ka atopatopan'ny onja

## 2- Karazana mpampifandray

Misy karazany roa ny mpampifandray: voalohany ny "mpampitohy", ary faharoa ny "mpampiankina"

- NY MPAMPITOHY

Teny kely mampifandray teny na andian-teny roa mitovy Anjara asa, na mitovy sokajy, na fehezan-kevitra roa samy mahaleo tena (na esorina aza ny iray dia mitombina ihany ny iray), ny mpampitohy.

Karazana mpampitohy

· Mpampitohy teny na andian-teny:

ary, sy: milaza fitanisana, na sa manambara fisafidianana,

ohatra: Mifankatia ny voalavo sy ny saka.

Na goaika mpangala-boanjo, na papango maka tsy miera, sa fody mpangala-bary, sa takatra mpanararao-paty?

· Mpampitohy fehezan-kevitra:

→ kanefa, anefa,nefa saingy: milaza fifanoherana

ohatra: Mandany harena ny famorana kanefa tsy maintsy ataon'ny olona.

→ ka: milaza vokany

ohatra: Kikisana ilay hazo ka lasa vovoka.

→ sady, dia: milaza fitambarana

ohatra1: Soritana telo ny volo eo an-tampon-doha dia atao randra-

madinika.
ohatra2: Anjaranareo ny mieritreritra; sady izaho tsy hanao

**Fanamarihana:**
ny na, sa, sy ary, dia mety ho mpampitohy fehezan-kevitra ihany koa
ohatra: Indreny izy atopatopan'ny onja ary miraidraika

- NY MPAMPIANKINA

Ny atao hoe mpampiankina dia mpampifandray teny na fehezan-kevitra.

Karazana mpampiankina
Araka izany, misy ny :

- Mpampiankin-teny (tsy mitovy anjara asa):
  → amin(a), tamin(a)

ohatra: Efa reko tamin'ny tompon-tany izany.
  → hatry,

ohatra: Fomba fanao hatry ny ela teto amintsika ny famorana.
  → am-/an-

ohatra: Mikorana am-pilaminana ny olona rehetra.

- Mpampiankina fehezan-kevitra: mampifandray fehezan-kevitra roa na telo; ka tsy mitombina ny iray raha foanana ny faharoa. Fehezan-kevitra miankina ny fehezan-kevitra eo aorian'ny mpampiakina.
  → rehefa, nony: milaza fotoana

ohatra: Atao ny famorana ny zaza rehefa maraina ny andro.
  → satria, fa, noho ny: milaza anton-javatra

ohatra1: Mandefitra ny olon-dehibe satria ny ankizy no tompon'ny fety.

ohatra2: Reko tamin'ny tompon-tany anie fa rano masina, hono, ity

→ raha, raha ohatra ka: milaza fepetra

ohatra1: Tsy azo itenitenenana foana raha mita eto

ohatra2: Mandihy ny ao an-tanana raha misy lanonana.

→ mba, mba ho: milaza tanjona

ohatra: Atao ny famorana mba ho tena lehilahy ny zaza.

→ ka, hany ka,: milaza vokatra

ohatra: Nilalao tamin'ny orana izy hany ka voan'ny tazo.

**SAHANASA 1**

1- Mariho ary tsimpony ny mpampitohy ary lazao ny hevitra ambarany no hita ao amin'ireto fehezanteny ireto

2- Lazao na mpampitohy teny na mpampitohy fehezan-kevitra no hita ao

→ Nony vita ny asa dia samy nody ny vahoaka.

→ Avo feo ny lehilahy sady mafana fo.

→ Akanga saraka ny ala anie aho ka misento ny alam-pitia.

→ Antsoina ny havana sy ny namana ary ny olom-pantatra rehetra.

**SAHANASA 2**

lahatsoratra:

Rehefa afaka kelikely dia lasa namandri-borona indray izy fito mirahalahy ka nony efa samy nahazo dia nifampiantso hifampilaza izay azony. Dia nozahana ny an'Imbahitrila ka akanga fa ny azy enin-dahy kosa papango. Nalahelo indray izy ireo satria indroa andro izao ka ratsy avokoa no azony fa ny an'ny zandriny kosa samy tsara daholo.

Dia niteny taminy indray ireo nanao hoe: "Razandry! hovonoinay lehitsy ity papango ity fa tsy tianay sady nampitaitra anay foana". Fa nifona indray izy hoe: "Aza dia vonoinareo lehiretsy fa raha tianareo aoka hotakalozako ity akanga ity".

Dia nanaiky tamin-kafaliana izy enin-dahy.

"Imbahitrila", toko 1, Angano Malagasy

1- Farito ary tsimpony ny mpampiankin–teny hita ao amin'ny lahatsoratra, ary lazao ny hevitra fonosiny

2-Farito ary tsimpony ihany koa ny mpampiankina fehezan-kevitra ao amin'ny lahatsoratra ary lazao ny hevitra fonosiny

3-Farito ny fehezan-kevitra miankina sy iankinana rehetra ao amin'ny lahatsoratra.